11

# NY FAMADIHANA (2)

**TANJONA**

Mahafantatra ny atao hoe famadihana sy ny hevitra fonosiny.

**VONTOATIM-PAHALALANA**

**Famaritana :**

Ny atao hoe famadihana dia famonosana lamba vaovao ny razana na koa famongarana azy indray mba hanatanterahana famonosana azy lamba vaovao. Anisan'ny riba na fomba fampitana azy ho any amin'ny tontolon'ny razana ihany koa izany.

**Ny endrika isehoan'ny famadihana:**

Misy endrika samihafa isehoan'ny famadihana:
Eto afovoan-tany : famonosana ny razana
Sakalava: fafa lolo (fanadiovana ny ivelan'ny fasana)
Tanosy sy Antaisaka: Takombato (fananganana tsangam-bato asiana tandrok'omby izay novonoina nandritra ny lnaonana)
Betsileo Atsimo: mandofo raza
na (tsy mikasika razana fa rakofana lamba avy eo ambony (saforana)

**Fanamarihana**

Toy ny fomba amam-panao rehetra dia misy dingana telo ihany koa ny famadihana : ny fanomanana, ny fanatanterahana ny famadihana, ary ny ao aorian'ny famadihana.

**Sahanasa 1**

1-Rasao ny teny hoe FAMADIHANA

2-Lazao ny hevitry ny fototeny

3-Manomeza sampan-teny azo avy amin'ny fototeny vadika

4-Inona no hevitra azo takarina avy amin'ny teny hoe mamadika?

**Sahanasa 2**

1-Omeo ny hevitra ara-bakitenin'ny famadihana

2-Omeo ny hevitra takarina amin'ny famadihana

3-Raha ny fomba Malagasy indray no jerena, inona no atao hoe famadihana?

**Sahanasa 3**

1-Misy ifandraisany ve ny velona sy ny maty ho an'ny Malagasy?

2-Inona no adidin'ny velona amin'ny maty raha izany?

3-Inona kosa no adidin'ny razana amin'ny velona?